“Aoka tsy hihazona ny filahiny amin’ny tànany havanana ny iray aminareo rehefa mipipy, na misasa ny henatrany amin’ny tànany havanana, na miaina ao anaty vilia”

Tatitra azo avy tamin'i Abo Katada (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Aoka tsy hihazona ny filahiny amin’ny tànany havanana ny iray aminareo rehefa mipipy, na misasa ny henatrany amin’ny tànany havanana, na miaina ao anaty vilia”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanazava ny ampahany amin'ny fahalalam-pomba ny Mpaminany (S.A.W); ka nandrara lehilahy hitazona ny filahiny rehefa mipipy amin’ny tànany havanana, ary manala ny loto amin’ny filahiana na ny any ambany amin’ny tànana havanana; Satria ny havanana dia voaomana ho amin'ny asa soa. Norarany koa ny olona mba tsy hiaina ao amin’ny zinga fisotrony.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3079